**PERIKOPA ALAHADY 22 Septambra 2024**
**(Péricope du Dimanche 22 Septembre 2024)**

**Salamo / Psaume 19**
**Jeremia / Jérémie 11 : 18 - 20**
**Jakoba / Jacques 3.16 – 4.3**
**Marka / Marc 9 : 30 - 37**

**« Na zovy na zovy no mandray iray amin'itony zaza itony amin'ny anarako dia mandray Ahy; ary na zovy na zovy no mandray Ahy dia tsy Izaho no raisiny fa Ilay naniraka Ahy.. »**
**Marka 9.37**
*«Celui qui accueille en mon nom un de ces petits enfants, c'est moi-même qu'il accueille, et celui qui m'accueille, ce n'est pas moi qu'il accueille, mais celui qui m'a envoyé.»*
**Marc 9.37**

## Salamo 19 (MRV)

1 Ny lanitra dia mitory ny voninahitr'Andriamanitra ary ny habakabaka dia manambara ny asan'ny tanany.
2 Ny andro dia samy miteny amin'ny andro mandimby azy ary ny alina dia samy manolo-pahalalana amin'ny alina mandimby azy.
3 Tsy misy teny na fiteny miasa anefa sady tsy re koa izay feony.
4 Efa lasa ho any amin'ny tany rehetra ny kofehy fandrefesany ary mihatra amin'ny faran'izao rehetra izao ny teniny; tany no nanaovany tranolay ho an'ny masoandro.
5 Ny masoandro dia tahaka ny mpampaka-bady mivoaka avy ao amin'ny efitrano fatoriany, mifaly tahaka ny lehilahy matanjaka mihazakazaka amin'ny alehany izy.
6 Avy any amin'ny faravodilanitra no fiposahany ary ny alehany dia hatrany amin'ny farany koa; tsy misy takona amin'ny hafanany.
7 Tsy misy tsiny ny lalànan'NY TOMPO, mamelombelona ny fanahy; mahatoky ny teny vavolombelon'NY TOMPO, mahahendry ny tso-po.
8 Mahitsy ny fitsipiky NY TOMPO, mahafaly ny fo; madio ny didin'NY TOMPO, mampahazava ny maso.
9 Madio ny fahatahorana NY TOMPO, maharitra mandrakizay; marina ny fitsipiky NY TOMPO, eny, mahitsy avokoa.
10 Irina noho ny volamena ireny, eny, noho ny volamena tsy miharo betsaka aza; mamy noho ny tantely, eny, noho ny tantely mitete avy amin'ny tohotra.
11 Ny mpanomponao dia hazavain'ireny ary misy valiny lehibe ho an'izay mitandrina azy ireny.
12 Raha ny fahadisoana tsy nahy, iza re no mahalala izany? Ataovy tsy manan-tsiny aho ny amin'izay ota tsy fantatro.
13 Arovy ny mpanomponao tsy ho azon'ny mpiavonavona; aoka tsy hanapaka ahy ireny! Dia ho marina aho ka tsy hanan-tsiny ny amin'izay fahadisoana lehibe.
14 Aoka ny tenin'ny vavako sy ny fisainan'ny foko samy hankasitrahana eo imasonao, TOMPO ô, Vatolampiko sy Mpanavotra ahy!

## Psaume 19 (S21)

2 Le ciel raconte la gloire de Dieu et l'étendue révèle l'œuvre de ses mains.
3 Le jour en instruit un autre jour, la nuit en donne connaissance à une autre nuit.
4 Ce n'est pas un langage, ce ne sont pas des paroles, on n'entend pas leur son.
5 Cependant, leur voix parcourt toute la terre, leurs discours vont jusqu'aux extrémités du monde où il a dressé une tente pour le soleil.
6 Et le soleil, pareil à un époux qui sort de sa chambre, s'élance dans la course avec la joie d'un héros;
7 il se lève à une extrémité du ciel et termine sa course à l'autre extrémité: rien n'échappe à sa chaleur.
8 La loi de l'Eternel est parfaite, elle donne du réconfort; le témoignage de l'Eternel est vrai, il rend sage celui qui manque d'expérience.
9 Les décrets de l'Eternel sont droits, ils réjouissent le cœur; les commandements de l'Eternel sont clairs, ils éclairent la vue.
10 La crainte de l'Eternel est pure, elle subsiste pour toujours; les jugements de l'Eternel sont vrais, ils sont tous justes.
11 Ils sont plus précieux que l'or, que beaucoup d'or fin; ils sont plus doux que le miel, même le miel qui coule des rayons.
12 Ton serviteur aussi est éclairé par eux; pour celui qui les respecte, la récompense est grande.

13 Qui discerne ses erreurs? Pardonne-moi celles que j'ignore.
14 Préserve aussi ton serviteur du sentiment d'orgueil: qu'il ne domine pas sur moi! Alors je serai intègre, je ne commettrai pas de grands péchés.
15 Fais bon accueil aux paroles de ma bouche et aux sentiments de mon cœur, Eternel, mon rocher, toi qui me rachètes!

**JEREMIA 11 : 18 - 20 (MRV)**

18 Nampahafantarin'NY TOMPO aho ka nahalala; nasehonao ahy tamin'izany ny fanaony.
19 Fa izaho dia tahaka ny zanak'ondry bonaika izay entina hovonoina; ary tsy fantatro fa izao no tetika nataony namelezany ahy: Aoka hosimbaintsika ny hazo mbamin'ny voany, ary aoka hofongorantsika hiala amin'ny tanin'ny velona izy mba tsy hotsarovana intsony ny anarany.
20 Nefa, Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao ô, izay mitsara marina ka mamantatra ny voa sy ny fo, aoka ho hitako ny famalianao azy; fa Aminao no efa nanankinako ny adiko.

**JÉRÉMIE 11 : 18 - 20 (S21)**

*18 L'Eternel me l'a fait savoir, et je l'ai su. «A ce moment-là, tu m'as fait voir leurs agissements.*
*19 J'étais comme un agneau confiant qu'on conduit à l'abattoir, j'ignorais les projets qu'ils avaient formés contre moi: 'Détruisons l'arbre avec son fruit! Supprimons-le de la terre des vivants et qu'on ne se souvienne plus de son nom!'*
*20 Mais l'Eternel, le maître de l'univers, est un juste juge qui examine les reins et les cœurs. Je verrai ta vengeance s'exercer contre eux, car c'est à toi que j'ai confié ma cause.»*

**JAKOBA 3.16 – 4.3 (MRV)**

3.16 Fa izay misy fialonana sy fiheveran-tena ho zavatra dia misy fikorontanana mbamin'izay asa ratsy rehetra.
3.17 Fa ny fahendrena izay avy any ambony dia, voalohany indrindra, madio, manaraka izany, tia fihavanana, mandefitra, mora alahatra, be famindrampo sy asa soa, tsy miangatra na mihatsaravelatsihy.
3.18 Ary ny vokatry ny fahamarinana ao amin'ny fihavanana dia afafin'izay mikatsaka ny fihavanana.
4.1 Avy aiza ny ady ary avy aiza ny fifandirana eo aminareo? Moa tsy ny filanareo izay miady ao anatin'ny tenanareo va no iavian'izany?
4.2 Maniry zavatra ianareo nefa tsy manana; mamono olona sy mialona ianareo nefa tsy mety mahazo ihany; mifandìtra sy miady ianareo nefa tsy manana satria tsy mangataka.
4.3 Mangataka ianareo nefa tsy mahazo ihany satria diso fangataka fa mba holaninareo amin'ny filanareo fotsiny.

**JACQUES 3.16 – 4.3 (S21)**

*3.16 En effet, là où il y a de la jalousie et un esprit de rivalité, il y a du désordre et toutes sortes de pratiques mauvaises.*
*3.17 La sagesse d'en haut est tout d'abord pure, ensuite porteuse de paix, douce, conciliante, pleine de compassion et de bons fruits, elle est sans parti pris et sans hypocrisie.*
*3.18 Le fruit de la justice est semé dans la paix par ceux qui travaillent à la paix.*
*4.1 D'où viennent les conflits et d'où viennent les luttes parmi vous? N'est-ce pas de vos passions qui combattent dans vos membres?*
*4.2 Vous désirez et vous ne possédez pas; vous êtes meurtriers et jaloux, et vous ne pouvez rien obtenir; vous avez des luttes et des conflits. Vous ne possédez pas parce que vous ne demandez pas.*
*4.3 Quand vous demandez, vous ne recevez pas parce que vous demandez mal, dans le but de satisfaire vos passions.*

**MARKA 9 : 30 - 37 (MRV)**

30 Dia niala teo izy ireo ka nizotra namakivaky an'i Galilia, ary tsy tian'i Jesosy ho fantatry ny olona izany.
31 Fa nampianatra ny mpianany Izy ka niteny taminy hoe: Ny Zanak'Olona dia hatolotra eo an-tanan'ny olona ka hovonoiny; ary rehefa maty Izy dia hitsangana rehefa afaka hateloana.
32 Tsy azon'ireo anefa izany teny izany sady natahotra ny hanontany Azy izy.
33 Ary nankany Kapernaomy izy ireo, koa rehefa tonga tao an-trano Jesosy dia nanontany ny mpianany hoe: Inona no niadianareo hevitra teny an-dalana?

34 Tsy nisy nahateny anefa izy ireo satria niady hevitra teny an-dalana ny amin'izay lehibe indrindra.
35 Rehefa tafapetraka Jesosy dia niantso ny roa amby folo lahy Izy ka niteny taminy hoe: Raha misy te ho
voalohany dia aoka izy no ho farany amin'izy rehetra sy ho mpanompon'izy rehetra.
36 Ary nandray zaza iray Izy ka nametraka azy teo afovoan'izy rehetra; rehefa notrotroiny ilay zaza dia hoy Izy
tamin'ny mpianany:
37 Na zovy na zovy no mandray iray amin'itony zaza itony amin'ny anarako dia mandray Ahy; ary na zovy na
zovy no mandray Ahy dia tsy Izaho no raisiny fa Ilay naniraka Ahy.

**MARC 9 : 30 - 37 (S21)**

*30 Ils partirent de là et traversèrent la Galilée. Jésus ne voulait pas qu'on le sache,*
*31 car il enseignait ses disciples et il leur disait: «Le Fils de l'homme sera livré entre les mains des hommes; ils*
*le feront mourir et, trois jours après avoir été mis à mort, il ressuscitera.»*
*32 Cependant, les disciples ne comprenaient pas cette parole et ils avaient peur de l'interroger.*
*33 Ils arrivèrent à Capernaüm. Lorsqu'il fut dans la maison, Jésus leur demanda: «De quoi discutiez-vous en*
*chemin?»*
*34 Mais ils gardèrent le silence, car en chemin ils avaient discuté entre eux pour savoir qui était le plus grand.*
*35 Alors il s'assit, appela les douze et leur dit: «Si quelqu'un veut être le premier, il sera le dernier de tous et le*
*serviteur de tous.»*
*36 Il prit un petit enfant, le plaça au milieu d'eux et, après l'avoir pris dans ses bras, il leur dit:*
*37 «Celui qui accueille en mon nom un de ces petits enfants, c'est moi-même qu'il accueille, et celui qui*
*m'accueille, ce n'est pas moi qu'il accueille, mais celui qui m'a envoyé.»*